REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERAN'NY FITSARANA

MINISITERAN'NY FITSARANA

FAMPITAM-BAOVAO MAHAKASIKA NY FIFANINANANA HIDIRANA HO MPIANATRA MPITSARA SY MPIANATRA MPIRAKI-DRAHARAHA

Manoloana ireo feo nandeha manodidina ny fifaninanana hidirana ho mpianatra mpitsara sy mpianatra mpiraki-draharaha eny anivon'ny sekolim-pirenena manofana ho mpitsara sy mpiraki-draharaha, ny Ministeran'ny Fitsarana dia manao izao fanambarana izao :

Sarotiny dia sarotiny izahay amin'ny hisian'ny fifaninanana madio sy mangarahara entina anatsarana ny tontolon'ny Fitsarana sy ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny Fitsarana. Tsy tokony hisy mihitsy arak'izany ahiahy mifanandrify amin'ny fifaninanana hidirana ho mpianatra mpitsara sy mpianatra mpirakidraharaha, ahiahy izay hanimba ny fahamarinan'ny vokatry ny fifaninanana.

Noho izany, mba hisorohana ireo ahiahy rehetra manodidina ity fifaninanana ity sy mba ho fiarovana sy fitsinjovana ny tombontsoan'ireo mpifaninana rehetra tamin'ny fifaninanana hidirana ao amin'ny sekoly ambony manofana ho mpitsara sy mpiraki-draharaha farany teo, ny Minisiteran'ny Fitsarana dia nandray ireto fepetra manaraka ireto :

Voalohany, foanana ny fanadinana dingana voalohany izay natao tamin'ny 06 febroary 2018 ho an'ny mpifaninana ho mpianatra mpitsara sy ny 07 febroary 2018 ho an'ireo mpifaninana ho mpianatra mpiraki-draharaha. Haverina ao anatin'ny 3 na 4 herinandro ao aorian'izao iny dingana voaloahany iny.

Faharoa, mba hisian'ny fitoniana eo amin'ny tsirairay sy mba ho fahatokisan'ny mpifaninana sy ny rehetra fa mangarahara sy madio tanteraka ny fifaninanana dia tompon'andraikitra vaovao eo amin'ny Sekoly (DAF) no hikarakara ny famerenana ny fanadinana.

Farany, mahazo matoky ny tsirairay fa manao izay fara-heriny ny Minisitera sy ny Sekoly Ambony Mpampiofana ho Mpitsara sy Mpiraki-draharaha eo amin'ny fanatanterahana ity fifaninanana ity ka izay tena mendrika ihany no afaka amin'izany.

Antananarivo, anio 22 febroary 2018

MINISTERE DE LA JUSTICE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Le Directeur de la Communication

NAPOU Jérémie
Inspecteur d'Administration
Pénitentiaire